

Andriamatoa Nirina Rakotomanantsoa, Tale Jeneralin'ny orinasa Kraomita Malagasy, voatendry tamin'ny volana febroary 2019

Izay no azo amehezana ny resaka nifanaovan'ny mpiasan'ny orinasam-panjakana Kraomita Malagasy na Kraoma, miaraka amin'ny randrana sendikaly sy ny Filankevi-pitantànana ny Kraoma izay notarihin'ny Filohany. Fivoriana natao tao amin'ny Foiben'ny Kraoma ao Ampefiloha, Antananarivo, ny 01 febroary 2021 lasa teo.

Nanambara ny filohan’ny Filan-kevim-pitondrana (PCA), Andriamatoa Onjaniaina Dina Andriamaholy, raha mikasika ny fanajanonana ny famokarana, fa olana ara-teknika no antony. Ny mpiasan'ny Kraoma ao Brieville anefa dia samy nahita, ary vavolombelona daholo, fa tsy nisy antony ara-teknika izany nampijanonana ny famokarana izany. Eo anilan’izany dia nilaza koa ny Tale Jeneraly vonjy maika, Andriamatoa Nirina Rakotomanantsoa, fa tsy mahazo tombony ny Rosianina ao amin’ny Ferrum Mining ka hajanona ny fiaraha-miasa ary hialary zareo. Iza ary no manafina ny marina na mandainga mihitsy aza ?




Tena nisy tokoa ve ny taratasy ofisialy manajanona ny famokarana rehetra sa fandrebirebena indray? Ny mahagaga mantsy dia mbola nanohy ny fikarohana toeram-pitrandrahana vaovao lazaina fa hiasana ny taona 2021 ny Rosianina, nanomboka ny volana jolay 2019 ka hatramin'ny volana desambra 2019. Olona milaza hiala ve dia hanao toa izany ? Tsy hay intsony izay hinoana fa toa mifanipaka amin'ny filazana hatramin'izay ny filazana

nataon'Andriamatoa PCA.

Etsy an-kilany, toa miverina an-databatra indray ny fikasana hanalana sy hampihenana ny isan’ny mpiasan'ny Kraoma. Nambaran'Andriamatoa PCA hatrany mantsy fa araka ny fanadihadiana nataony dia latsaky ny 200 no isan'ny mpiasa tokony hiasa ao amin'ny Kraoma raha 505 izy ankehitriny. Toa mampitamberina ilay fikasan'ny Rosianina hampihena ny isan’ny mpiasa ho 187 izany.

Inona ary no tena ao ambadik'izao raharaha izao fa mahalasa saina ihany ? Mitombona ve ny ahiahy hatramin'izay fa tetika maloto niarahana namolavola tamin'ny Rosianina izao fanakatonana ny Kraoma izao mba handrerahana sy hanaovana izay hahalao monina ny mpiasa, hahatongavana amin'ilay tanjona dia ny fampihenana ny mpiasa ho 187 tokoa

Fa tena isany nampihoron-koditra dia ny fanambaran'Andriamatoa PCA fa ny mpiasan'ny Kraoma, ny ozinina ary ny fitaovam-pamokaran'ny Kraoma rehetra dia an'ny Rosianina mandritra ny 25 taona. Ny tena mahazendana ihany koa dia ity: tsy misy mahalala mihitsy ny mpiasa na ny iray ny mba nentin’ireo Rosianina ireo ka nahatonga azy ireo manana izany tombontsoa izany. Nampian’Andriamatoa Onjaniaina Dina Andriamaholy aza moa fa: *“Tokony any amin'ny Rosianina ianareo no mitaky karama ary any amin'ny Foiben'ny Ferrum Mining no tokony hitokona”*
. Fa dia ahoana kosa re?



Rakotomanantsoa Nirina et Jaobarison Randrianarivony

Le nouveau Directeur général de la société nationale malgache de production de chromite K Malagasy (KRAOMA) a pris officiellement ses quartiers. Nommé par le Conseil d'Adminis la KRAOMA, **Rakotomanantsoa Nirina** a procédé, le **17 février 2019**, à la passation d avec son prédécesseur, **Jaobarison Randrianarivony**, conseiller spécial de l'ancien Prési République Hery Rajaonarimampianina, à Ampefiloha. L'homme nommé à la tête de KRA loin d'être un inconnu. Ancien membre du Conseil supérieur de la Magistrature, Rakotoman Nirina était un ancien conseiller du Premier ministre Christian Ntsay. DG de MDC Alliance tête pensante au sein de l'Initiative pour l'Emergence de Madagascar (IEM), il était même fo pressenti pour occuper un fauteuil ministériel dans le Gouvernement Ntsay. Au cours de la p si le promu n'a pas manqué de remercier sa hiérarchie, et plus spécifiquement le Président d République, il n'a pas moins évoqué les défis à relever. Au cours d'une interview, **le nouve Directeur général de KRAOMA a affirmé que** ***"le renouvellement du système de ge sein de cette société d'Etat est le plus important"*****.** **Deux ans après, c'est le bide tota**






**Andry Rajoelina, 11 desambra 2018** : "Ry vahoakan'i Brieville, fantatro fa manan-karena amin'ny kraoma ianareo eto. Ataoko ny fanamby fa ny harena izay ananareo ihany dia ahafahantsika mampandroso ny tanàna. Ho hamboarantsika ny hopitaly, ho ataoko manarapenitra, ireo lalàna mampijaly anareo tsy maintsy ho vitaintsika. **Ho jereko manokana ianareo mpiasan'ny kraomita Malagasy ary tsy maintsy hisitraka ireo tombontsoa tokony hananareo ianareo**. Tiako ianareo vahoakan'i Brieville. Misaotra tamin'ny fitiavana nasehonareo ahy ihany koa ary ny mbola ho ataonareo amin'ny 19 desambra izao"